

## TORITENY - ALAHADY faha-14 TSOTRA - TAONA D



### *Hitoetra ao amin'izany trano izany ny fiadanana lazainareo.*

Ry kristianina havana, raha tamin'ny Alahady lasa teo mamaramparana ny famakiana ny Evanjely amin'ny fandalinam-pinoana amin'izao mandavan-taona izao ka napetrantsika mazava ny momba ny fanarahan-dia an'i Kristy ka hirosoantsika lalindalina kokoa amin'izay fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka hivelomantsika ny maha-kristianina atsika tokoa amin'io fiainantsika andavanandro io. Ka amin'izao Alahady faha-14 izao dia antitranterin'ny Eglizy mba ho sainisainintsika bebe kokoa ny mikasika ny anjara toerantsika eo anivon'ny Eglizy, ny anjara asantsika, ny maha-Apôstôly atsika, ny antson'Andriamanitra miantefa amintsika, ny adidintsika amin'ny fitoriana ny vaovao

**Vakiteny I :** *Iz. 66, 10-14d*

**Salamo :** *Sal. 15*

**Vakiteny II :** *Gal. 6, 14-18*

**Evanjely :** *Lk. 10, 1-12. 17-20*

mahafaly ary ny andrasana amintsika amin'izany dia ny hizara ny fiadanana izany hoe : rehefa miombona tokoa isika tonga olo araiky ary izay ny tanjona dia ny hizara ny fiadanan'i Kristy mba ho olo araiky ao aminy tokoa isika. Ireo vakiteny telo androany dia manambara atsika an'izany rehetra izany ka ho sakafom-panahy handalinantsika ny finoana mba ho

tany lonaka tokoa isika hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra ary hamokatra tsara tokoa.

Ny famokarana tsara dia ny famokarana fiadanana eo amin'ny mpiara-belona amintsika. Ry Kristianina havana tiako ny manasa atsika handinika ny fiantsoana.

Henontsika tsara teo amin'ny Evanjely dia misy sokajin'olona manaraka an'i Kristy izay ny "vocation". Misy ireo vahoaka maro be izay nahita ny famantarana nataon'i Jesoa sy nahita fa toho-teny tokoa i Jesoa amin'ny fampianarany ka nanantena ary indrindra fa natoky azy fa ity no Mesia.

Ara-nofo sy araky ny fahendren'izao tontolo izao ny fieritreretany azy, ireo no vahoaka nofahanan'i Jesoa, rehefa tonga ny fampianarana mafimafy ataon'i Jesoa dia fantantsika ireo vahoaka ireo fa lasa niverina mamonjy ny fiainany andavanandro.

Misy kosa anefa ireo nihaino azy satria liana tamin'ny fampianarany dia ireo sokajin'olona liana an'i Jesoa.

Dia tohizan'i Jesoa ny fampianarany mitory làlana mba hahatsapany tsirairay, tsy ny vahoaka fotsiny ihany no vonjena fa ianao koa ary tsy maintsy mitaky safidy ny fanarahan-dia an'i Kristy. Avy amin'ireo mihaino ireo no hahitantsika ny mpanara-dia an'i Kristy dia ireo mpianany izany izay henontsika amin'ny Evanjely fa misy 72 no nirahin'i Jesoa.

Aza gaga isika fa eo anivon'ny Eglizy fiombonana, na eo anivon'ny Eglizy kely fianakaviana aza, tsy maintsy misy ny manao safidy miombona hanara-dia an'i Kristy, na eo anivon'ny fikambanana sy ny firohotana ka mampiasa ny talentany.

Ny tanjona dia hitory an'izay fiadanana izay, hitory an'i Kristy famonjena sy fiadanana izay harena tena sarobidy indrindra. Ao amin'ireo mpianatra koa dia misy ireo atao hoe Apôstôly, izay misafidy hanahaka an'i Kristy dia ireo izay manokan-tena manontolo ho azy dia ny voatokana, ny pretra ary izy ireo dia ny fiainan'i Kristy no tsy maintsy fiainany.

Safidy izay tsy mahazo misabahaka ireo izay ny mahatonga ny fanamasinana, ny voady mba hanahafana an'i Kristy, mba ho mira an'i Kristy ny fiainany izay ho zary vaovao mahafaly ho fanompoana ny olona ary raha tanteraka izay dia mizara ny vaovao mahafaly izy.

Izay ny voalazan'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa : "mitondra ny marik'i Jesoa Kristy Tompo ao amin'ny vatako aho", ireo izay miombona tanteraka amin'i Jesoa ny pretra, ny relijiozy, ny lahika manokan-tena dia izay tokoa na dia tsy lavorary aza dia i Kristy ho azy ireo no famantarana eo anivon'izao tontolo izao izy ireo, famantaram-pitiavana fa na izany aza dia fantantsika sy mampatoky atsika ary manentana atsika mianakavy fa isika rehetra izay mandray ny tenin'Andriamanitra dia zary mpianatr'i Kristy izay ny mahatonga ny anarantsika Kristianina.

Ny Kristianina dia ireo 72 alefan'i Jesoa hanambara azy, mandeha tsiroaroa izany hoe manambara fiombonana ka ao anatin'ny fikambanana, firohotana , vaomiera no hanehoantsika ny maha mpanompo, maha vavolombelona sy maha mpianatra atsika izay. Ataoko fa mazava amintsika ny famaritana an'ireny rafitra ireny.

Mandeha tsiroaroa hoy i Jesoa fa tsy roa fotsiny isika ao amin'ny fikambanana. Sarobidy izany ny fikambanana. Tsarovy koa fa tsy fitadiavana toerana izay misy an'i Kristy , tsy toerana io fa fanompoana ary izay no hahafahana mitondra ny fiadanana.

Ny fiadanana ambara eto dia tsy ilay hoe filaminana sy hafaliana fotsiny fa ny fahafantarana ny hoavy ary izay ny anjaran'ny mpianatr'i Kristy dia ny manambara fa ny tena hoavy dia manomboka amin'izao, izay ny mahatonga atsika milaza hoe "anio ny hoavy fa tsy amaray". Ao amin'i Kristy ny hoavy mitondra fiadanana. Izay hoavy izay dia tsy fotoana na ny lanitra fa isika miombona miaraka amin'i Kristy, izay ny manjary fiadanana ho antsika ka miova ny fontsika zary endrik'Andriamanitra ny endrintsika. Tanteraka amin'izay ny fiombonana amin'ny lanitra.

Ry Kristianina havana, fantantsika ary fantatr'i Jesoa fa tsy mora izay. Nisedra koa izy, nalahelo ka nilaza hoe be ny vokatra fa ny mpijinja no vitsy koa mangataha amin'ny tompom-bokatra hanirahany mpiasa hijinja ny vokany.

Ry Kristianina havana aza adino fa mba ho tanteraka ireo rehetra ireo dia mila mpiasa hiombona fiainana amin'i Kristy, be tokoa ny vokatra fa indrindra amin'izao andro iainantsika izao ka mila mpiasa tokoa ny sahan'ny Tompo. Tohizantsika hatrany ny vavaka mba ho maro ary hamaly an'izany antso izany ary isika koa vonona hanampy an'ireo izay mamaly, fa indrindra ho hisy pretra maro sy masina ary olom-boatokana ho zary famantaran'ny fitiavana ary ho lahika Apôstôly eo anivon'ny fiainana andavanandro.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, tsy mitsahatra tokoa ianao no miantso anao mba hizara ny fiadananao, hitondra ny fahazavana ary hahatonga anay ho fanasina eo amin'ny mpiara-belona. Ampio izahay hamaly ny antsonao, ary hahay hanampy ireo izay voaantsonao. Enga anie izahay hahay hiray hina tokoa satria izay koa ny famantarana ao anatin'ny fiadanana izahay. Ampio izahay hahay hitodika bebe kokoa amin'ireo izay sahirana sy mijaly na ara-bàtana izany na ara-tsaina na ara-panahy hahafahanay mitondra azy ireo amin'ny tena fiadanana marina. Mpianatrao izahay ka tariho hankeo amin'izay nanirahanao anay ary ampianaro izahay hahay hizara ny fiadananao, hahay hamafy izany fiadananao izany amin'ireo mpiara-belona aminay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson